

Association Marie Reine des Coeurs

No. 20 – décembre 2019

MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203

Fax (+39) 06 30.11.908

Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome
– ITALIE

<http://www.montfortian.info/amqah/>

E-mail: rcordium@gmail.com

Bulletin Mensuel de Formation et d'Information

Edition
Malgache



“Ilay Reny
ao amin'ny
Trinite Masina”

Jésus Vivant en Marie

Mamelona ny olona ny fifanakalozana ...

« Ianao ve no llay ho avy, sa mbola
hafa no andrasantsika ? »



Aim-panahy monfortana: NY HOE
NATAO BATEMY

Resadresaka manokana nifanaovana
tamin'Andriamatoa Alfredo SUASNABAR

Vaovao: Equateur, Indonésia, Madagascar



Fanazavana ara-baiboly:

Mt 11, 2-11 :
Mamelona ny olona ny
fifanakalozana ...

de Pierrette MAIGNÉ

Ary nony ren'i Joany tao an-tranomaizina ny nataon'i Kristy, dia naniraka roa lahy tamin'ny mpianany izy hanao aminy hoe : « Ianao ve no llay ho avy, sa mbola hafa no andrasantsika ? ».

Dia namaly i Jesoa ka nanao taminy hoe :
« Mandehana ka lazao amin'i Joany izao zavatra rehetra renareo sy hitanareo izao : mahiratra ny jamba, afaka ny mandringa, sitrana ny marary hoditra, malady ny marenina, atsongana ny maty, torina amin'ny malahelo ny Vaovao Mahafaly, ary sambatra izay tsy tafintohina noho ny Amiko. »

Nony lasa ireo dia nilaza an'i Joany tamin'ny vahoaka i Jesoa nanao hoe : « Hizaha inona no nalehanareo tany an'efitra ? Volotara hetsiketsehin'ny rivotra ve ?

Sa hizaha inona no nalehanareo tany ? Lehilahy tsara fitafiana ve ? Indro any amin'ny tranon'ny mpanjaka izay tsara fitafiana. Sa hizaha inona ary no nalehanareo tany ? Moa mpaminany ve ?

Eny ! hoy Aho aminareo, ary ambony noho ny mpaminany aza, fa Izy no ilay voalazan'ny Soratra Masina hoe : Indro Aho mandefa ny irako hialoha Anao sy hamboatra ny làlanao. Lazaiko aminareo marina tokoa fa amin'izay natera-behivavy mbola tsy nisy nitsangana izay lehibe noho i Joany Batista : kanefa izay kely indrindra amin'ny fanjakan'ny lanitra no lehibe noho izy. ■

«zy ilay mpitondra hafatra, ilay mpialoha làlana, dia mahafantatra sahala amin'i Jesoa izany hoe mandalo fitsapàna izany ary nohamarinin'i Jesoa sy noderainy avokoa ny momba an'i Joany amin'ny famaritana azy ho lehibe, lehibe noho ny fanetrentenany, lehibe noho ny tsy fivadihany»



Endrika iray lehibe manamarika ny Fiaviana i Joany. Amin'ny alahady faha-2, hanambara ny fahatongavan'ilay hanao batemy antsika ao amin'ny Fanahy Masina sy ny afo izy amin'ireto teny ireto : «eny an-tànany ny fikororohana ary hodiovin'ny tsara ny famoloany, ka ny variny hangoniny any antsoampitra, fa ny mololo kosa hodorany any amin'ny afo tsy mety maty. » Mt 3, 12.

Ny amin'ny alahady faha-3 kosa dia niditra an-tranomaizina i Joany noho ny tsy fivadihany tamin'ny Teny ary nisy fisalasalana tao aminy, raha naheno ireo zava-dehibe vitan'i Jesoa izy dia nikorontantsaina satria tsy mifanaraka amin'izay nambarany ny zavatra nataon'i Jesoa.

Mesia ho avy hitsara no nandrasan'i Joany ary ho mpanasitrana antsika anefa no hahatongavan'i Jesoa, hanambara amintsika ny famindrampont'Andriamanitra. Sarotra tokoa ny mandray ny fihevitr'Andriamanitra ary manamafy izany i Masindahy Paoly : fahadalàna ho an'ny hafa firenena ny Hazofijaliana ary fanafintohinana ho an'ny Jiosy.

Tsy novalian'i Jesoa ny fanontaniana napetrak'ireo irak'i Joany fa tamin'ny fampitenenana ny zava-bitany no namaliany azy, ary izay nataony dia mamerina antsika any amin'ireo faminanian'i Izaia izay efa fantatr'i Joany. Manoloana ireo famantarana ireo dia mitory hasambarana iray Jesoa : sambatra ireo izay mahita ny Mesia ao Aminy.

Dia manohy ny firesahany momba an'i Joany i Jesoa : iza tokoa moa izy ? Mpaminany ary iraka mpitondra hafatra mihitsy aza, dia ilay nambaran'i Malakia manao hoe :

indro Aho handefa ny irako mba hanamboatra ny làlana eo alohako ; dia ho tonga tampoka ao an-tempoliny ao ny Tompo tadiavinareo. (MI 3, 1). Eny, i Joany tokoa no ilay hanomana ny fahatongavan'ny Mesia ary hiteny hoe : Izy tsy maintsy mitombo, fa izaho kosa tsy maintsy mihena. (Jn 3, 30).

Mahalala ny fisalasalàna i Joany, toy izany no fahadiovan'ny mahantra, nosedraina ny finoany kanefa tsy nikomy izy fa nanontany. Amin'ny alàlan'ny fametrahany fanontaniana no fomba hanehoany ny finoany sy ny fanantenany, mitory ny fitiavana izy. Araka izany dia manan-danja lehibe ho antsika i Joany, manambara amintsika izy fa ny fisalasalàna sy ny finoana dia mety iarana iainana kanefa ny angatahina amintsika dia ny fahasahiana hametra-panontaniana toy ny nataon'i Jesoa teo ambony hazofijaliana : Andriamanitro ô, Andriamanitro ô nahoana aho no nilazanao ? **Izy ilay mpitondra hafatra, ilay mpialoha làlana, dia mahafantatra sahala amin'i Jesoa izany hoe mandalo fitsapàna izany ary nohamarinin'i Jesoa sy noderainy avokoa ny momba an'i Joany amin'ny famaritana azy ho lehibe, lehibe noho ny fanetrentenany, lehibe noho ny tsy fivadihany. ■**




Aim-panahy monfortana :

NY HOE NATAO BATEMY

de M.T. Eleine Magdalena Sengkey



« Recevez le signe de la croix sur les oreilles pour écouter la voix du Seigneur»; «sur les yeux pour voir la splendeur du visage de Dieu»; «sur la bouche pour répondre à le parole de Dieu»; «sur la poitrine pour que le Christ habite au moyen de la foi dans vos cœurs»; «sur les épaules, pour soutenir le doux joug du Christ » (*Rituel de l'initiation chrétienne des adultes*, n. 85).



*Ny lohahevitra fonosin'ny batemy dia tena votoatin'ny iraka maha misionera ny Monfortana satria hoy i Masindahy Louis-Marie de Montfort ao amin'ny boky nosoratany « Règles », izay milaza ireo fitsipiky ny fikambanana : « Ny tanjon'ny misionan'izy ireo dia ny manavao ny fanahy maha kristianina ao amin'ireo kristianina. Amin'izany, asain'izy ireo havaozina ny toky nomena tamin'ny batemy, sahala amin'ny nibaikoan'ny Papa azy ireo, amin'ny fomba manetriketrika ». (n.56). Iraka azon'i Montfort tamin'ny papa Clément XI ihany koa izany ary nantenainy ny hanohizan'ireo mpianany na ireo mpiaramiasa ao amin'ny fikambanana misionera izay naoriny. Ny batemy izay havaozin'ireo mpino amin'ny fomba manetriketrika dia atao eo an-tànan'i Maria ; izany no « fanokanan-tena » ampianarin'i Mompera de Montfort. Izany tokoa mantsy, ny fanokanan-tena dia ny « fanavaozana amin'ny fomba lavorary indrindra ny toky nomena tamin'ny batemy ». (VD 120). Ny tanjon'ity lahatsoratra ity dia ny mba handalinana ny hevitra voizin'ny taona misionera miavaka natomboka ny volana oktôbra 2019, araka ny lohahevitra hoe : « Natao batemy sy voairaka : ny Fiangonan'i Kristy mamita iraka ao amin'izao tontolo izao ». Ity famelabelarana ataon'i **Mme Eleine** ity anie hanampy antsika handalina ny hevitra ny hoe « natao batemy » ; ary amin'ny lahatsoratra hivoaka amin'ny volana janoary 2020 kosa izy no hanazava amintsika ny hoe « voairaka ». Mamakia finaritra ary!*

Fahenontsika matetika ny teny hoe « mitàna mafy » momba ny toky nomena tamin'ny batemy ! Toy ny toe-javatra velona ary mitombo hatrany no hanazavantsika izany teny izany. Ny fifandraisana amin'Andriamanitra mantsy dia tsy hijanona amin'ny toetra iray tsy misy fivoarana na koa an-dàlam-pihemorana. Raha toa isika ka miroso amin'ny fifandraisana manokana sy tokana, sahala amin'ny ao anatin'ny fanambadiana na fisakaizàna izay mifototra amin'ny safidy an-tsitrapo, dia inoana fa irintsika koa ny hirosoan'izany lalindalina kokoa amin'ny lafiny rehetra. Toy izany koa ny ao amin'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra ; mafana na mangatsiaka no aniriany antsika fa tsy matimaty. Matotra ny fifandraisan'Andriamanitra amin'ny olombelona. Mirotsaka amin'ny tenany rehetra Izy amin'izany. Matetika hitantsika ao amin'ny Baiboly ny fahadisoam-panantenany manoloana ny fivadibadihan'ny olombelona Aminy. Ary ny porofo azo tsapain-tànana amin'ny fitiavany lehibe antsika dia ny nanirahany ny Zanany hamonjy an'izao tontolo izao.

Rehefa manapa-kevitra ny hatao batemy isika sy rehefa manonona ny toky omena amin'izany eo anatrehan'Andriamanitra, dia miroso amin'ny fifandraisana miavaka tokoa miaraka Aminy. Dia ny fifandraisan'ny Ray sy zanaka. Ataon'ny Ray hoe zanany satria zandrin'i Jesoa isika noho ny batemy noraisintsika. Fanomezana lehibe izay mahatonga antsika ho olom-boavonjy izany.



Ny voady atoan'ny mpivady, eo anatrehan'Andriamanitra sy ny pretra, dia tsy mahafeno ny asany na ny tanjony raha toa ka tsy tanteraka sy tsy hita mivaingana ao amin'ireo fihetsika ataony amin'ny maha mpivady azy amin'ny fiainan-tokantranony izany; toy izany koa ny toky nomensika tamin'ny batemy dia voatàna raha toa isika ka mamaly ny antson'Andriamanitra ao amin'ny fiainantsika. Tokony hiainantsika amin'ny fomba maharitra sy tsy miovaova ny fanoloran-tenantsika, manavao ny toky nomena matetika sy misafidy ny làlam-pibebahana isan'andro. Ny fahatanterahan'ireo toky nomensika tamin'ny batemy dia miseho mivaingana isan'andro ao amin'ireo asantsika, ao amin'ny toetrantsika anaty izay mitodika mandrakariva amin'Andriamanitra.

Izany fifandraisana amin'Andriamanitra izany dia miavaka tokoa sy tsy misy mahasolo mandrakizay. Rehefa mahita izay notadiaviny ny olona iray, izany hoe ny tena sarobidy ao amin'ny fiainany, dia tsy havelany handeha intsony izany harena izany.

FIANTSOANA IREO NATAO BATEMY REHETRA

Ny kristianina tsirairay natao batemy dia voaantso ho amin'ny fahamasinana. Fa inona moa ny fahamasinana ? Fanekena izay sitrak'Andriamanitra, manokan-tena Aminy. Tsy an'izao tontolo izao intsony isika fa an'Andriamanitra satria efa niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana (Jn 5, 24). « Tamin'izy nanafaka antsika tamin'ny fahefan'ny maizina, ka namindra antsika ho amin'ny fanjakan'ny Zanany malalany, dia lzy kosa no anànantsika ny fanavotana sy ny famelàna ny fahotantsika. » (Kol 1, 13-14) ; « na i Kristy koa aza niharitra fahafatesana indray mandeha noho ny otantsika... ka novonoina tamin'ny nofo lzy, fa novelomina tamin'ny Fanahy ». (1P 3, 18).

Rehefa avy natao batemy isika dia voaantso hiaina ao amin'ny fahamasinana, izany hoe :

Voalohany, « Efa maty ny amin'ny fahotana isika...izay rehetra natao batemy hiray amin'i Kristy Jesoa, dia natao batemy ho amin'ny fahafatesany. Koa raha niara-nalevina taminy tamin'ny batemy ho amin'ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny nananganana an'i Kristy ho velona avy any amin'ny maty, no handehanantsika amin'ny fiainam-baovao koa ». (Rm 6, 2-4). Ao amin'ireo toky omena amin'ny batemy dia mandà ireo ratsy ao anatintsika sy misy ao amin'ny fiaraha-monina isika. Manome toky koa isika ny handà ny Satàna izay miafina ao amin'ny endriky ny finoanoam-poana, ireo loka sy ireo fialam-boly tsy mahasoa. Manome toky ny handà izay rehetra tsy marina sy tsy rariny ihany koa isika, dia izay rehetra manitsakitsaka ny zon'olombelona. Ary amin'ny batemy dia mandà ny Satana isika, fototry ny fahotàna rehetra sy mpanjakan'ny haizina. Miala toe-piainana tsy mifanaraka amin'Andriamanitra isika mba hanomboka fiainam-baovao.



Faharoa, tiava ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fonao manontolo, sy amin'ny fanahinao manontolo, sy amin'ny sainao manontolo, ary amin'ny herinao manontolo (Mk 12, 30). Izany no tanjom-piainana kristianina ho an'izay rehetra natao batemy. Mino an'Andriamanitra Ray mahefa ny zavatra rehetra isika, nahary ny lanitra sy ny tany, mino an'i Jesoa-Kristy Zanany naterak'i Maria Virjiny,

nijaly sy nofantsihana tamin'ny hazofijaliana, maty dia nalevina, nidina tany ambanin'ny tany ; nitsangana tamin'ny maty ary mipetraka eo ankavanan'ny Ray. Manambara ny finoana ny Fanahy Masina koa isika, ny Eglizy masina katolika, ny fiombonan'ny olomasina, ny fanalàna ny ota ary ny fiainana mandrakizay.


Fahatelo, manaiky ny didiny rehetra. « Raha misy tia Ahy, dia hitandrina ny teniko izy... » (Jn 14, 23). Isika rehetra natao batemy dia miombona ao amin'ny vahoakan'Andriamanitra. Ary noho isika vahoak'Andriamanitra dia hataontsika ho safidimpianana sy fototra hiorenan'ny fiainantsika ny Sitrapony sy ny Didiny.

Fahefatra, ho mpanompon'ny fahamarinana isika. «Tahaka ny nanoloranareo ny tenanareo hanompo ny fahalotoana sy ny tsy fanarahan-dalàna hahatanteraka ny fandikan-dalàna, no aoka hanoloranareo ny rantsambatanareo ankehitriny hanompo ny fahamarinana hahatanteraka ny fahamasinana. » (Rm 6, 19).

MAMALY IREO ANTISO SAMIHAFANA

Ny firosoantsika noho ny batemy noraisintsika dia làlana iray hamaliana ny antso ho amin'ny fahamasinana. Miantso antsika hanandrana «hasambarana mihoatra ny fahalalàna rehetra sy ny herin'ny olombelona rehetra » Andriamanitra (Katesizin'ny Fiangonana Katolika 1722). Raha toa isika ka miombona kokoa ao amin'Andriamanitra amin'ny fanajàna ireo toky nomena tamin'ny batemy, raha toa ka tohizantsika ny mandalina hatrany ny fifandraisantsika Aminy sy ny fiombonana ao Aminy, dia higoka izany hasambarana izany isika. Raha mitoetra sy mifikitra ao amin'i Jesoa isika dia hamoa be (Jn 15, 5). Mila ny Fanahy Masina izay noraisina tamin'ny batemy isika mba ahafahana mamaly izany antso izany ; hoy indrindra i Masindahy Paoly :
« Andriamanitra no miasa ao aminareo hahatonga anareo haniry sy hanatanteraka izay mifanaraka

amin'ny hevi-pitiavany ». (Fi 2, 13). « Tsy maintsy hiala amin'ny fitondrantenanareo taloha ianareo, ka hamela ny olon-tranainy efa simban'ny ny fitaky ny filan-dratsy mba hohavaozina amin'ny saina ampanahinareo ianareo, ka hitafy ny olom-baovao izay noarîna araka an'Andriamanitra amin'ny fahamarinana amam-pahamasinana tena izy tokoa. » (Ef 4, 23-24). Raha tsy ateraka indray ny olona dia tsy mahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra. (Jn 3, 3).



*Mon Coeur' vient de dicter: tout ce que je viens
de dire avec une plume particulière pour montrer que
la divine Marie a été inconnue Jusques ici et que
c'est une des raisons pourquoi Jesus Christ n'est point
connu comme il doit être.*

Ny famonjena azontsika dia tsy natao ho antsika samirery ihany fa koa ho an'ny mpiara-belona amintsika. Izany no misiona iantsoana antsika, ilay iraka lehibe izay nankinin'i Jesoa tamintsika mialohan'ny niakarany any an-danitra : « Koa mandehana ianareo, ataovy mpianatro ny firenena rehetra, ka ataovy batemy amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina, sady ampianaro hitandrina ny zavatra rehetra nandidiako anareo... » (Mt 28, 18-20).

Ny Sakramentan'ny Fankaherezana no manome antsika ny fahasoavana ahafahana manatanteraka ny adidy misionera amin'ny maha vahoakan'Andriamanitra antsika mba hamokarana ho an'ny fanjakany.

Ny mamaly ny antso noho izany dia ny manao izay irian'Andriamanitra amintsika. Ny antso miantefa amintsika nandray ny batemy dia ny mitaona ny hafa hanatona an'i Kristy Mpamonjy. Isika izay nahafantatra ny fitiavana sy ny asam-pamonjen'i Kristy dia tokony hanam-paniriana ihany koa hizara izany fanomezana tsara izany, ilay lehibe indrindra amin'ny fanomezana rehetra, amin'ny mpiara-belona amintsika. ■

PAPE FRANÇOIS



«Quelle est la date de mon baptême?». Parce que c'est une renaissance et le baptême est comme un deuxième anniversaire. Comprenez-vous? Il faut faire ce devoir à la maison, demander: «Quelle est la date de mon baptême?».

Tout d'abord, pendant le rite de l'accueil, on demande le nom du candidat, parce que le nom indique l'identité d'une personne. Quand nous nous présentons, nous disons immédiatement notre nom: «Je m'appelle ainsi», nous sortons ainsi de l'anonymat, l'anonyme est celui qui n'a pas de nom. Pour sortir de l'anonymat, nous disons tout de suite notre nom. Sans nom, on reste un inconnu, sans droits ni devoirs. Dieu appelle chacun par son nom, en nous aimant individuellement, dans l'aspect concret de notre histoire. Le baptême éveille la vocation personnelle à vivre en chrétiens, qui se développera pendant toute la vie. Et il implique une réponse personnelle et pas empruntée avec un «copier-coller». En effet, la vie chrétienne est tissée d'une série d'appels et de réponses: Dieu continue à prononcer notre nom au cours des années, en faisant retentir de mille façons son appel à devenir conformes à son Fils Jésus. Le nom est donc important! Il est très important! Les parents pensent au nom à donner à leur enfant déjà avant la naissance: cela aussi fait partie de l'attente d'un enfant qui, dans son nom, aura son identité originale, également pour sa vie chrétienne liée à Dieu.

Pape François, AUDIENCE GÉNÉRALE, Place Saint-Pierre, Mercredi 18 avril 2018

http://www.vatican.va/content/francesco/fr/audiences/2018/documents/papa-francesco_20180418_udienza-generale.html

Fanadihadiana:

«... dia toraka izay ihany koa ny Fikambanana izay mitady ny fomba rehetra mba hanaparitahana maneran-tany ny Tena fitiavana sy fanajana an'i Masina Maria »

Resadresaka manokana nifanaovana tamin'Andriamatoa **Alfredo SUASNABAR** Filoha nasionalin'ny **CONSECRATIO MUNDI** any Pérou



Ny CONSECRATIO MUNDI dia hetsika ara-pinoana iray izay manana tanjona hitory ny Vaovao Mahafaly manerana izao tontolo izao hifanaraka amin'ny vanim-potoana ankehitriny, fitoriana miorim-paka avy amin'ny aim-panahy Montfortana. Ny anarana voafidy tsara hampitondraina ity hetsika ity dia manambara fa filamatra amin'ny hoavy ary avy amin'ny alalan'izany ny fanahy rehetra eto amin'ity tontolo misy antsika ity dia tapitra hahafantatra an'Andrimanitra Trinite Masina ary hanolotena Aminy. Tsy azo sarahina amin'ny asan'ny Misionera ny mpikambana ao amin'io hetsika io miaraka amin'ny Fiangonana iray manontolo izay eo ambany fiarovan'i Notre Dame de la Trinité.

Mba hamantarantsika bebe kokoa ity vondrona ity, dia ndeha isika hiresadresaka amin'ny **Filoha Nasionalin'ny Consecration Mundi any Pérou, dia Andriamatoa Alfredo SUASNABAR**. Mankasitraka azy amin'ny fahafoizany fotoana ahafahantsika mahalala misimisy kokoa ity hetsika ity. Manantena isika fa salama tsara I Alfredo sy ny fianakaviany ary mafana fo hatrany eo am-panatanterahana ny iraka ao anatin'ity hetsika ity. I Père de Montfort anie hivavaka ho antsika rehetra! Misaotra be dia be an'i **Mme. Miriam Gomez** tamin'ny fandraisany anjara ka nahafahana nanatontosoa soa aman-tsara ity fanadihadiana ity.

Inona ny asanao?

Mpahay toe-karena aho, ary niasa tamin'ny sehatra maro amin'ny tontolon'ny orinasa mandraharaha ara-bola, ny varotra ary famokarana ny tenako ary Talé mpanatanteraka amin'izany.

Ankehitriny dia mifantoka amin'ny fampianarana amin'ny anjerimanontolo aho amin'ny fizaràko ny traikefa matihanina sy ny fizaram-piainana amin'ireo taranaka aty aoriana.

Azonao atao ve ny milaza aminay momba ny fianakavianao?

Ny fianakaviako dia ahitana ny vadiko sy ny zanako anankiroa, avy eo ny Ray aman-dReniko, ny rahalahiko, ny rafozako, ny zao-dahiko, izay tena manaja be an'i Masina Maria avokoa. Ireo no fianakaviako mivantana, izay mahatonga ahy sy antony manosika ahy hitombo ara-panahy. Raisiko ho isan'ny fianakaviako ihany koa ireo rahalahiko izay izarako ny aim-panahy Montfortana ary mazava ho azy ny fanomezam-pahasoavana ao amin'ny Consecratio Mundi. Izy ireo no toy ny fianakaviako am-panahy.

Nanomboka oviana ianao no mpikambana tato amin'ny Consecratio Mundi?

Nanomboka tamin' ny Fanokanan-tenako, ny 16 Jolay 2010, fetin'i Masina Maria tao Karmely, tao amin'ny fitoerana Masin'ny Trinite Masina tao Limà, daty izay tsy isalasalana fa nanamarika ny taloha sy taorian'ny fiainako ka nananako fijery hafa manokana sy mafonja bebe kokoa nanomboka teo, fizaràna maharitra, ny famantarako fa azo atao ny manampy ny hafa, ny finoana fa misy tontolo tsara kokoa aorian'izao fiainana izao, sns.. Ary ho fanampin'izay dia tamin'io no namantarako voalohany an'i Mompera Luciano Ciciarelli, tamin'ny fahenoako ny hiakany ka naniry hiaro azy aho satria tsy afaka miara-mandeha amin'ny olona marobe nanodidina azy izy, izay manakana azy tsy handroso, hoy aho taminy: “ Aza matahotra ianao, fa horaisiko andraikitra ny fiarovana anao”.

Nanomboka oviana ianao no Filoha Nasionalin'ny Consecratio Mundi teto Pérou?

Nanomboka ny 16 Jolay 2012, voafidy nandritran'ny Fihaonambe izay notarihan'i Mompera Luciano, hitondra mandritran'ny efatra taona.

Mandra-pahoviana?

Tamin'ny fahalasanan'i Père Luciano, io toe-javatra io no nahatonga ny fanohizako ny fitondrana izay tsy maintsy hifarana amin'ny taona 2020.

Azonao hazavaina aminay ve ny foto-kevitra sy ny toetran'ity Consecratio Mundi ity?

Ny antom-pisian'ny Consécratio Mundi dia mifototra amin'ny Tenin'Andriamanitra izay miantso antsika hiaraka amin'i Kristy, isika izay tarana-behivavy, miaina ny Vatany mifono mistery ary ny sampany dia napetaka amin'ilay Foto-boaloboka, izany dia hita ao amin'ny Boky Jenezy 3, 15.

Ny foto-kevitr'ity hetsika ity dia ny hanampy ny olona hahatakatra ny hevi-dalina ara-panahy fonosin'ny fanokanan-tena amin'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'i Masina Maria, amin'Andriamanitra Ray, izay ampahany manan-danja amin'ny asa fitoriana ny Vaovao Mahafaly.

Ny toetra tena mampiavaka azy dia ny fanomezandanja ny Trinite Masina izay mahatonga an'i Kristy ho eo anivony sy I Masina Maria ary ny Fiangonana. Tsara ny manamarika fa misokatra amin'ny olona rehetra eo anivon'ny Fiangonana ny Fikambanana, na ny Eveka, ny Pretra ary ny Lahika.



Inona no ifandraisan'ny Consecratio Mundi amin'I Md Louis Marie de Montfort?

Tena marobe no ifandraisany, ny fahitana fa ny fanokanan-tena amin'I Masina Maria arakan'ny fiainam-panahin'i Masindahy Louis Marie de Montfort dia fepetra tena ilaina mba ahafahana manaraka ny hetsika.

Noho izany, ny Fikambanana dia mampiasa ireo sangan'asan'i Masindahy Louis Marie de Montfort ary mizara maimaim-poana ny boky Tena fitiavana sy fanajana ny Virjiny Masina.

Sahala amin'ny Marx izay nanaparitaka ny boky nosoratany manerana ny tany, dia toraka izay ihany koa ny Fikambanana izay mitady ny fomba rehetra mba hanaparitahana maneran-tany ny Tena fitiavana sy fanajana an'i Masina Maria ka hatolotra ho an'izay manaiky handray azy amin'ny fony tokoa ary hampihatra ny fampianarany ho toy ny vatolampim-pamonjena marina sy azo antoka.

Mba afaka tantarainao aminay fohy ve ny tantaran'ny Consecratio Mundi? Iza i Mompera Luka Cirimotic s.m.m sy Mompera. Luciani Ciciarelli s.m.m ho an'ny Consecratio Mundi? Fantatrao ve izy ireo?

Tany Zagreb any Croatie (Yougoslavie teo aloha) no niavian'ny Consecratio Mundi voalohany tamin'ny taona 1979, izay nitondra ny anarana hoe:

“Komitin'ny Fanokanantenan'ireo vahoaka ao Yougoslavie amin'ny Fo Madion'I Maria” tamin'izany fotoana. Mompera Luka Cirimotic s.m.m. no nandray anjara mavitrika tamin'ny fanomanana ny Fanokanantena izay naharitra 5 taona tamin'izany.



Azo lazaina hoe iray amin'ireo mpanentana an'ity hetsika goavana ity izy. Resy lahatra amin'ny mahazava-dehibe ny Fanokanantena izy satria noheveriny ho toy ny vovonan'ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly io, noho izany dia naoriny tao Roma ny Fikambanana Consecratio Mundi tamin'ny 31 Janoary 1991.

Nandritra an'I Mompera Luka Cirimotic niasa tamin-kafanampo amin'ny fampielezana ny Fanokanantena ho an'ny Eropa, tany Andes Peroviana, dia nisy Pretra Montfortana anankiray ihany koa nanao toy ny nataony, tsy iza izany fa I Mompera Luciano Ciciarelli. Nifankahalala tsara izy ireo tany Italie ny 27 Novambra 1996, fetin'ny Medaly Mahagaga tamin'izay ary nifameno avy hatrany, izy dia voatendry ho solontena manerantanin'ny Consecratio Mundi tamin'ny taona 1999 ary niara-niasa ambara-pahalasan'I Mompera Luka ny 23 Avrily 2006.

Mompera Luciano no nanohy ny asan'I Mompera Luka ho an'I Amerika rehetra, Afrika sy Azia ambara-pahalasany ny 02 Aogositra 2015 tany Medjugorje.

Volana vitsy talohan'ny nahafatesany, dia notendren'I Mompera Luciano ho Mpitantana ampanahin'ny Fikambanana I Mompera Carlos Peitera, izy dia Mompera avy amin'ny Diosezin'ny San Rafael-Argentine, ka nanomboka tamin'io daty io dia izy no Mpitantana anay ary ankoatra izay dia mandeha mamita iraka fitoriana any Cuba koa izy. Nanana tombony manokana aho afaka nahalala, nianatra ary nanana fotoana tsara niarahana tamin'I Mompera Luciano, na dia tsy fantatro aza I Mompera Luka.



Afaka hazavainao aminay ve ny rafi-pitarihana ao amin'ny Consecration Mundi?

Ny rafi-pandrindrana ato amin'ny Consecration Mundi eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena dia tena tsotra. Manana ny birao nasionaly ny firenena tsirairay ary misy ihany koa ny Birao iraisam-pirenena izay mamondrona ny firenena rehetra. Ankoatra ny Birao nasionaly, ny firenena tsirairay ihany koa dia manana ireo Birao isakin'ny Diosezy sy Birao isakin'ny Paroasy. Ny singa fototra iorenan'ny Fikambanana dia asehon'ireo VONDRONA FOTOTRA TRINITERA izay vondrom-bavaka kely ahitana olona telo farafahakeliny. Ato anatin'ny fikambanana, izahay dia tsy manavakavaka na iza na iza, izany hoe: raha misy ireo rahalahy avy amin'ny fikambanana hafa izay manana aim-panahy sy fanomezam-pahasoavana hafa nefa te hiaraka aminay dia raisinay an-tanandroa ary ampidirinay ato anatin'ny ihany koa izy ireo amin'ny fotoana izay mampety azy. Raha ny fivelarana amin'ny sehatra fitarihana, dia sarotra ny fanaovantsika izany isakin'ny miresaka fikambanana ara-pinoana, satria ny ankamaroan'ny mpikambana ao dia mifototra amin'ny lohahevitra ara-pinoana ihany fa tsy ho an'ny fikambanana. Noho io antony io, ny mpitarika dia tsy maintsy manome fanazavana maharitra sy misokatra amin'ny rehetra sy ny toerana misy azy ireo.



Toy ny ahoana ny endrika fisehoanareo sy ny fandraisana andraikitry ny Mpikambana ao amin'ny Consecratio Mundi amin'ny fiainan'ny Paroasy izay misy anareo?

Amin'ny ankapobeny, aorian'ny lamina apetraka amin'ny fanomanana ny Fanokanantena, dia miforona eo amin'ny Paroasy izay anatanterahana ny fianarana ny VONDRONA FOTOTRA TRINITERA ary ao ihany koa no ivoriana isan-kerinandro, isa-tapa-bola na isam-bolana, miaraka amin'ny fandrindrana sy ny fanomezan-dàlana ataon'ny Pretra Tompom-paritany, izy ireo ihany koa dia mandray anjara amin'ny hetsika rehetra mifanaraka amin'ny drafitra pastoraly izay apetrakin'ny Paroasy.

Ka, manao ahoana ary ny fivoaran'ny Consecratio Mundi manerantany?

Amin'ny ankapobeny dia ireo olona be fitiavana sy fanajana an'I Masina Maria no maniry hanaparitaka ity asa fitoriana tsotra ity, ny sasany manomboka izany amin'ny fangatahana alalana hianatra ny fanolorantena any amin'ireo Paroasy misy azy ireo tsirairay avy, ny hafa indray dia mandray andraikitra amin'ny famoronana vondrona FOTOTRA TRINITERA, atolotray azy ireo ny toro-làlana mikasika ny tena fitiavana sy fanajana rehetra dia anjaranay ny manara-maso avy eo.

Aiza avy ireo firenena efa misy anareo?

Amin'izao fotoana izao, dia ireto ny firenena efa misy anay:

Argentine, Chili, Paraguay, Uruguay, Bolivie, Pérou, Équateur, Colombie, Brésil, Venezuela, Panama, Costa Rica, Honduras, El Salvador, Mexico, Cuba, États-Unis, Canada, Suisse, Japon, Italie, Pologne, Espagne. Izahay dia manana ireo antontan-taratasy izay manambara fa misy Ivo Trinitera ihany koa any Allemagne sy Afrique, fa taorian'ny nahafatesan'i Mompera Luciano dia tsy nisy intsony ny fifandraisana tamin'izy ireo, ka izay no ezaka sy tanjona hotratrarina ato anaty fotoana fohy dia ny hampiray anay rehetra.



Manodidina eo amin'ny firy ny isan'ny mpikambana maneran-tany?

Tsy ananako ny isa mazava fa betsaka tokoa aloha izahay, Mompera Luciano dia nanolotra fanomezana an'arivony sy Boky tena fitiavana sy fanajana an'i Masina Maria an'arivony maro, ary izay nandray izany dia nanome toky fa hanao ny Raozery Masina sy hamaky tsikelikely ny Boky, tamin'ny alalan'ny fanaovan-tsonia tamin'ny Fanokanantena izay mampiditra azy ho ao amin'ny Vondronra Fototra Trinitera iray ka hahatonga azy ho Mpikambana ao amin'ny Consecratio Mundi.

Misy sampana ho an'ny ankizy, ireo miala sakana ary tanora ve ao amin'ny Consecratio Mundi?

Tetikasa iray izay napetrak'i Mompera Luciano izy io, ka amin'izao fotoana izao izahay dia miasa amin'ny Vondrona Fototra Trinitera natokana ho an'ny ankizy.

Inona no atao hoe Vondrona Fototra Trinitera iray?

Ny Vondrona Fototra Trinitera dia vondron'olona telo na mihoatra avy amin'ny fianakaviana maro samihafa izay mivondrona mba hivavaka, hanao ny Raozery Masina, ary mamaky ny Boky Tena fitiavana sy fanajana an'i Masina Maria, indray mandeha isan-kerinandro na farafaharatsiny indray mandeha isam-bolana.

Ny Vondrona Fototra Trinitera no ivo sy fototra ary tena lehibe sy manan-danja, izy no solika sy sela mampandeha ity Fikambanana ity ka tsy azo atao tsinontsinona, izay mahatonga antsika hitovy amin'ny lalivay izay lazain'ny Evanjely. Izany no nahalalan'ny mpanorina azy antsika, dia i Mompera Luka Cirimotic, smm; *"Ity Fikambanana ity hoy izy dia toy ny lalivay levona ao anaty koban-dafarinina"*. Ary nomena anarana hoe TRINITERA satria isika dia miara-miasa amin'ny Fanahy Masina.

Inona no ifandraisan’I Consecratio Mundi sy ny sarin’I Virjiny ao amin’ny Trinite Masina?

Toa an’I Mompera Luka izay nanaparitaka ny aimpanahy Trinitera sy Marialy amin’ny Fanokanantena, noraisiny ihany koa ny vavaka fangatahana: “Ilay Reny ao amin’ny Trinite Masina” ho an’ity hetsika ity, ho izy irery ihany no mitondra antsika hifandray akaiky amin’Andriamanitra Ray, Zanaka sy Fanahy Masina, araka ny soso-keviny manao hoe:

“Amin’ny fiainantsika feno ny Fanokanantena sy ny Batemy noraisina, eo an-dalam-piovana hitovy endrika amin’I Jesoa Kristy isika ary afaka mifandray amin’ny fiainan’ny Trinite Masina indrindra”.

Nentin’I Mompera Luka hatrany io sary io isakin’ny misy fanolorana na famelabelaran-kevitra izay nataony.



« Nentin’I Mompera Luka hatrany io sary io isakin’ny misy fanolorana na famelabelaran-kevitra izay nataony »



Iza no namorona na nanamboatra io sary io?

Misy ny “bazilikan’Ilay Reny ao amin’ny Trinite Masina” any Blois any France izy ity, naorina tamin’ny 1932 izy io ho fanehoana ny fitiavana sy fanajana an’I Masina Maria izay tena tranainy be satria efa tamin’ny taon-jato fahatelo ambin’ny folo, izay misy vavaka isan’andro, Arahaba ry Maria anankitelo ho fisaorana ny Trinite Masina indrindra, nohon’ny tombotsoa maro nomen’Ilay Virjiny Masina indrindra.

Mikasika ny asa fitoriana, inona no asa tena mampiavaka ny Consecratio Mundi ary ahoana no fomba fanatanterahan’ny Mpikambana ao ny asa fitoriana ny Vaovao Mahafaly eto amin’izao tontolo izao?

Ny iraka manokan’ny Fikambanana dia ny hanofana Vondrona Fototra Trinitera maro, mba handrisika ny olona amin’ny fitanisana ny Raozery Masina, sy ny famakiana ny Boky tena fitiavana sy fanajana an’I Masina Maria, ny tanjona dia ny famporisihana ny olona hiroso amin’ny Fanokanantena amin’ny Fo Madion’I Maria ao amin’ny Fiangonana, eto amin’izao tontolo izao, arakarakan’ny toe-piainan’ny tsirairay, amin’ny fomba fisainany, ny faniriany sy ny hetsika ataony, ary noho izany dia mandray anjara amin’ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly, izany rehetra izany dia eo ambany fandrindran’ny Pretra tompomparitany.



Ny Kongresy natao tao Lima ny 16 ka hatramin'ny 18 Aogositra lasa teo dia Kongresy iraisam-pirenena fahatelo. Oviana zany ny Kongresy voalohany sy faharoa? Inona avy ny lohahevitra tamin'ireo Kongresy ireo? Ary oviana ny Kongresy manaraka?

Eny tokoa, Lima no toerana nisy ny Kongresy iraisam-pirenena farany.

Mifototra amin'ny maha-zava-dehibe izay mampamendrika an'ireo Vondrona Fototra Trinitera eto aminay izany, ka ny fototra iorenany dia ny: “ny andraikitry ny mpikambana rehetra voarakitra ao amin'ny lalàm-pikambananay”, Mompera Luciano Ciciarelli, smm, no nametraka tao amin' ny taratasy filazana izay naparitaka, tamin'ny 23 Desambra 2013, ny fanombohan'ity karazana fampiofanana ho an'ny mpikambana ity mba ahafahanay mifanakalo traikefa ka hampivoatra ny tsirairay amin'ny alalan'ny fiarahamiantana sy fifampizarana.

Ireto avy ireo Kongresy efa natao:

I KONGRESY IRAISAM-PIRENEN'NY VONDRONA FOTOTRA TRINITERA

Ny 24 hatramin'ny 26 avril 2015

« TOMPO, HO TONGA ANIE NY FANJAKANAO, AMIN'NY ALALAN'I MARIA, AO AMIN'NY ISAM-PIANAKAVIANA »

Tao amin'ny Trano pastoraly San Juan Pablo II San Juan de los Lagos – Jalisco – any Méxique

II KONGRESY IRAISAM-PIRENEN'NY VONDRONA FOTOTRA TRINITERA

« MIVONONA »

Ny 18 hatramin'ny 20 août 2017 – Insigne Basílica de Nuestra Señora de Guadalupe – Ciudad ao Méxique.

III KONGRESY IRAISAM-PIRENEN'NY VONDRONA FOTOTRA TRINITERA

« MIZOTRA MANKAO AMIN'NY FANJAKAN'I MARIA »

Ny 16 hatramin'ny 18 août 2019 – Casa de Convivencia Juan Pablo II –Lima, Perou

IV KONGRESY IRAISAM-PIRENEN'NY VONDRONA FOTOTRA TRINITERA – MANARAKA

Tamin'ny Kongresy farany, Honduras no firenena voatendry hanaovana ny Kongresy manaraka amin'ny taona 2021.

**Azoko sary an-tsaina fa alohan'ny hahatonga-
van'ny Kongresy manaraka, ny foibe tsirairay
sy ny mpikambana dia miditra amin'ny fioma-
nam-panahy amin'ny Kongresy? Afaka milaza
zavatra mikasika ny fanomanana ve ianao?**

Mazava ho azy, efa niomana ny amin'ny Kongresy izahay ny 15 Aogositra 2018 hatramin'ny 15 Aogositra 2019, herintaona katroka, niara-niasa tamin'ny alalan'ny tambajotra sosialy izahay. Natombokanay tamin'ny fiomanana ara-panahy, miaraka amin'ny fanelanelanan'ireo Olomasina mpiaro anay dia: I Masindahy Louis Marie de Montfort, Masindahy Jean Paul II, Masimbavy Rose de Lima ary Masindahy Martin de Porès, namorona ny "Vavaka fanomanana ny Kongresy izay atao isan'andro izahay ary namorona ny hira fanevan'ny Kongresy", nanao ny fandaharana mandritra ny taona mikasika ny vavaka ary ny "karatra fanelanelanana" izay ao no anamarihanay ireo ezaka vitanay rehetra ka hatolotra mandritra ny Lamesa fanokafana amin'ny Kongresy ary mazava ho azy fa ireo koa no hatao fanatitra. Fanampin'izay, isan'andro izahay dia mandinika ny lahatsoratra ao amin'ny Boky tena fitiavana sy

Fanajana an'i Masina Maria ary ho famenon'izay dia namolavola karatra fanomanana ihany koa izahay, ny tanjona amin'izany dia ny hampitombo ny fitsipi-piainana mendrika sy ho fanohizana ny asa fitoriana nataon'i Père de Montfort.

Firy ny isan'ny mpandray anjara tamin'ny Kongresy farany? Ohatrinona ny totalin'ny fandaniana (sara-pitanterana, ny sakafo, ny fampitaovana rehetra, sns..)?

Nitotaly 16 ny firenena nandray anjara : solontena avy any Argentine, Chili, Uruguay, Bolivie, Équateur, Brésil, Colombie, Cuba, Panama, El Salvador, Costa Rica, Mexique, Honduras, États-Unis, Italie ary mazava ho azy, izahay teto Pérou, izay mitotaly 220 ny mpandray anjara rehetra.

Mikasika ny fandaniana: ho an'ny tranga vitsivitsy dia nisy ny fanohanana nataonay tamin'ny tapakila ho an'ny saram-piaramanidina, misy koa fanomezana vitsivitsy, ary ny saran'ny trano nanaovana ny laretirety izay nahitana efi-trano fandraisam-bahiny sy sakafo dia nifampizaràn'ny mpandray anjara rehetra tamin'ny Kongresy.

*Espiritualmente nos sumergimos en la vida de **SAN LUIS MARÍA DE MONTFORT** para **impregnarnos** de su fe, de su perseverancia, de su fortaleza, de su humildad, de su obediencia, de su docilidad, de su amor a los pobres, de su amor a María, de su pasión por una evangelización sencilla para hacer amar a Jesús y a su Madre.*



Ahoana no fomba fanaraha-maso ny vokatrin'ny Kongresy izay vao napetraka teo eo amin' ny mpikambana tsirairay sy ny foibem-pirenena?

Ny fehin-kevitra rehetra nandritra ny Kongresy dia efa nampitaina tamin'ny Fikambanana Consecratio Mundi, ny fanaraha-maso dia efa tafiditra ao amin'ny drafitra isan-taona izay ataon'ny Fikambanana iraisam-pirenena ary ampitaina amin'ny alalan'ny fifandraisan-davitra "internet" ireo fivoriana fanao isam-bolana.

Pour terminer, aimeriez-vous partager quelque chose de plus par rapport au Congrès ?

Eny, tiako ny manasongadina tranga vitsivitsy nipoitra nandritran'ny fanomanana ny Kongresy; Voalohany, ny datin'ny Kongresy dia nifanandrify indrindra amin'ny daty nahaterahan'I Mompera Luka Cirimotic, nandritran'ny fikarohana rehetra nataonay mahakasika an'I Mompera Luka Cirimotic, sambany izahay nifandray tamin'ny Consecratio Mundi ao Italie, ary avy amin'izy ireo no nahazoanay alàlana handika ny bokin'I Mompera Luka ho amin'ny teny Espagnole: "ny fanokanantena ho amin'ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly amin'ny endrin'ny vaovao sy ny aimpanahin'ny hetsika Consecratio Mundi". Ny medaly izay nangatahin'I Mompera Luka ho an'ny mpikambana rehetra ao anatin'ny Fikambanana dia namboariana indray mandeha, ny sarin'Ilay Renin'ny Trinite Masina, ny vavaka fangatahana ho an'ny Fikambanana dia natao sikotra indray mandeha koa, ary zava-dehibe tena nandrasan'i Mompera Luciano Ciciareli mafy sy tena niriany ireo, izany dia nandritran'ny taom-piomanana ny Kongresy, nahazo fankatoavana manokana avy amin'ny Arsidiosezin'I Lima ny Fikambanana mba hanao hetsika Fitoriana lehibe izay hataon'ny Lahika, ary dia tena nahomby mihitsy.

Mikasika ny Kongresy indray, alohan'ny hamaranana, tiako ny maneho fisaorana be dia be, indrindra ho an'ireo ato amin'ny Birao nasionaly eto Pérou izay tena niasa mafy hatramin'ny fanombohana, fony izahay vao nomena ny andraikitra amin'ny Kongresy talohan'ny tao Lima. Nisy fotoana tena mafy tokoa ny zavatra niainana, misy ny zavatra tena sarotra, ny hafa mba mety azo nihafiana ihany saingy niteraka fiadin-tsaina be, indrindra tamin'ny andro akaiky hanombohan'ny Kongresy. Na izany aza, nanam-pinoana ny rehetra ka niankina tamin'izay, dia ny FINOANAY, satria fantatray fa ny zavatra ataonay dia nohon'ny fitiavanay an'i Maria Virjiny malala sy I Jesoa Tompotsika. **Misaotra anao ry Julio, Miriam, Alicia, Iraida, Roxana, Elizabeth, Rose, Noelia, sy ny olon-kafa nanampy ka nahatonga ny zava-drehetra ho "tsara" araka ny nolazain'I Mompera Luciano taloha.** Misaotra Anao aho Andriamanitro nohon'ny namelanao ahy ho tafiditra amin'ity zavatra tsy manam-paharoa ity izay tsy afaka ampitahaina amin-javatra hafa mihitsy eto amin'ity tontolo misy antsika ity.

Farany, te hizara ity traikefa mahafinaritra ity aho, ho an'ireo izay liana sy te hamaky ary te hahafantatra amin'ny antspirihany momba ny Kongresy iraisam-pirenena fahatelon'ny IVO TRINITERA amin'ny alalan'ity rohy ity:

<https://consecratiomundipe.wordpress.com/congreso-actual/>, izay azonareo jerena ao ny fanomanana, ny famelabelarana ary ny fehin-kevitra nivoaka avy amin'ny Kongresy, nankininay amin'ity tambazotra ity ny fampitana ny vaovao izay napetraka. ■

« Oh Marie, temple vivant de la
Sainte Trinité,
obtiens-nous et transmets-nous la
vie trinitaire. Amen »



Ho arahantsika manaraka eto ny fifampizarana i Mopera Marsello mahakasika indrindra ny « Safari Rosario » karakarain'ny Fikambanana ireo miofana ho montfortanina ao Labuan Bajo (Indonésie). Araka i Mopera Marsello, ity fivanihanana Masina ity, tokony ho anisan'ny iray amin 'ny « fototra iorenana ara-pinoana »amin'ity tanana mahasarika mpizahan-tany ity. Satria ny « Safari Rosario izay efa hahitana ny fivoarana ara-panahy miaraka amin'ny fanavaozana voady sy ireo ny sy toky tamin'ny batemy tamin'ny Maria, izay lalana tsara ho an'ireo mpino mba hitazonany ireo hatsaran-panahy kristianina ».

LABUAN BAJO, Indonésie - Ny « Safari Rosario » nisy voalohany tao amin'ny tanana mahasarika mpizahan-tany i Labuan Bajo, ny Sabotsy 26 Oktobra 2019. « Safari » midika amin'ny teny Indonésianina « lalana lavitra ezaka », ary eto midika hoe mandeha lavitra mitanisa ny sapile sady mandeha manao procession miaraka amin'ny Sapile lehibe sy sary vongan' i Masina Maria. Na dia vao voalohany aza, dia mahavariana ny fandraisan'ny mponina. Betsaka ny nanaraka ny procession ny sarin'i Masina Maria narahana fitanisana ny sapile sy hira momban'i Maria. Vinavinaina ho olona teo amin'ny telo arivo no tonga nanatrika an'izany.



Vaovao

**Ny hatsaran'ny
« Safari Rosario »
voalohany ao
Labuan Bajo
(Indonésie)**

Mopera Marsello, SMM

Ny « Safari » nanomboka tamin'ny fitazotran'ny fiara maromaro nanomboka teo amin'ny Aspirantat Monfortanina hatrany amin'ny Nggorang. Ny vondrona Nggorang namonjy ny Eglizy tao Merombok, izay efa nisy olona an-jatony mitoby handray ny sary vongan'i Masina Maria. Manoloana ny Eglizy, tamin'ny fomba nentin-paharazana no nandraisana ny vondrona. Ny mponina tao Merombok kosa avy eo namonjy ny Eglizy Fanany Masina tao Labuan Bajo, toerana hanaovana ny fanokafana amin'ny fomba ofisialy. Teo anoloan'ny Eglizy, efa feno olona an'arivony mitafy ny fitafiana nentin-paharazan'ny Manggarai, ny sary vongan'i Masina Maria noraisina tamin'ny fomba nentin-paharazana Manggarai, ary napetraka teo seza fiandrianany. Narahan'ny dihy nataon'ireo ankizy ny fametrahana azy ity.

Teo ampiandohana ny fanononana ny toko sapile tamin'ity « Safari » ny lohahevitra dia hoe « Maria , modely tsara indrindra amin'ny fanompoana », Mopera Marsel SMM, nanazava fa ity hetsika ity dia endrika hita maso ny iraka montfortanina ao Labuan Bajo mba hizara ireo haren-panahy ny Companie de Marie, araka ny fanirian'i Md Louis-Marie de Montfort ; ny Papa Joany Paoly faharoa nampatsiahy tamin-peo avo

« Cette activité était une forme tangible de la mission des Montfortains à Labuan Bajo pour partager la richesse spirituelle de la Compagnie de Marie, tel que le désirait Saint Louis-Marie de Montfort »



« aza avela io harena miafina io » Nampatsiahy Mopera Marsel fa mba afahana mamaly ny antso, mila olona alaina tahaka isika hanovozana aingan-panahy sy hafanan-po ho an'ny asa fanompoana ary tsy misy olona mifanaraka amin'io olona faka-tahaka mihoatra noho i Masina Maria. Izy tenany no efa nilaza « ankizivavin'ny Tompo » Tsy izy ve no manompoan'Andriamanitra ampitokiana indrindra? Ny »Safari Rosario« te ho hetsika ara-pivavahana miaraka amin'i Masina Maria, mba, amin'ny alalany, miaraka aminy, ho voatefy isika mba hanahaka an'i Kristy tonga teto an-tany tamin'i Maria, ho an'ny asa fanompoana.

Ny lalana nizorana tamin'ny « Safari » niainga teo amin'ny Eglizy Fanahy Masina teo amin'ny lagroty «Marie de Petite Montagne». Na dia lava ny lalana sady nafana ny andro, tao anatin',y hafaliana sy fanajana tanteraka no nanarahan'ny olona ny « Safari ». Teo amin'ny ivon'ny fotoana, ireo olona rehetra tonga nanao ny fanoloran-tenany izay tsy inona fa fanazaovana ny toky tamin'ny Batemy amin'ny alalan'ny tananan'i Maria. Nanomboka tamin'ny 4 tolakandro ny fotoana ary nifarana tamin'ny 5 ora sy sasany ora tany an-toerana.



« Le "Safari Rosario" veut donc être un mouvement de prière avec la Vierge Marie »

Ity « Safari » ity natombok'ireo mpiray fikambanana tao Labuan Bajo (Mopera Jeje, Mopera Marsel, Mopera Lorens). Teo ny fiaraha-miasa tamin'ireo lahika, nafahana nanatontosa ny fotoana. Teo ihany koa, ny governemanta Andrefan'i Manggarai, ireo pretra, Vikera Episkopaly Labuan Bajo izay nanohana na ara-pitaovana, ara-tsaina ity hetsika nataonay ity. ■



" Il convient au plus haut point, avant tout, que les exercices de piété envers la Vierge Marie expriment clairement la note trinitaire et christologique qui leur est intrinsèque et essentielle. Le culte chrétien en effet est, par nature, un culte rendu au Père, au Fils et à l'Esprit Saint, ou mieux, selon l'expression de la liturgie, au Père par le Christ, dans l'Esprit.

Dans cette perspective, il s'étend légitimement, même si c'est de façon substantiellement différente, tout d'abord et particulièrement à la Mère du Seigneur, puis aux saints, car en eux, qui ont souffert avec le Christ et ont été glorifiés avec lui, l'Église proclame le mystère pascal. Dans la Vierge, tout se rapporte au Christ et tout dépend de lui : c'est pour lui que Dieu le Père, de toute éternité, l'a choisie comme Mère toute sainte et l'a parée de dons de l'Esprit à nul autre consentis.

La piété chrétienne authentique n'a certainement jamais manqué de mettre en lumière le lien indissoluble et la référence essentielle de la Vierge au Divin Sauveur " (Pape Paul VI, *Marialis Cultus*, no. 25).



Ity lahatsoratra eto ambany ity dia fifampizarana nataon'i Jeffry Kelen, misionera Montfortana any Equateur, mahakasika ny Fivahinianana Masina nataon'ny Paroasy miisa dimy, izay notanterahina ny Sabotsy 26 Oktobra 2019. Ny Fivahinianana Masina dia niainga teo amin'ny Katedralin'ny Nueva Loja, Vikaria Apostolikan'i Sucumbios, nankany amin'ny Bazilikan'ny "Virgen de El Cisne".

SUCUMBÍOS, Equateur - Naninona moa ny lohatenin'ity lahatsoratra ity no natao hoe: "Fivahinianana Masin'ny Fitiavana"? Ny valiny dia tsotra: satria ny olona hovangiana dia llay Reny izay niteraka ny Fitiavana ihany. Noho izany, ny tena fototr'ity fitsidihana ity dia ny Fitiavana. Amin'ny anaran'io Fitiavana io, dia nandeha tongotra 20km izahay, eny am-pandehanana dia sady mivavaka izahay no mihira. Ity fitsidihana ity dia mampahatsiaro anay ny zavatra nataon' llay Reny bevohoka nitsidika an'i Elizabeta tany an-tendrombohitr'i Jodea. Ny vavaka sy fihirana no fanehoam-pifalian'ny fanahy izay nihaona tamin'ny Reniny toy ny hafalian'ireo mpiandry ondry nandritra ny fitsidihan'izy ireo an'i Jesoa zazakely tao an-tranon'omby tany Betlehema.



**FIVAHINIANANA
MASIN'NY
FITIAVANA
MANKAO AN-
TRANON'I MARIA**

Avy amin'i
Jeffry Kelen, SMM



Raha ny marina, ity hetsika ity dia natao ho fanomezam-boninahitra ny hetsika rehetra tamin'ny volana izay natokan'i Papa François ho volan'ny misionera miavaka. Mazava ny tanjona: hamoha ny zotom-pon'ny asa fitoriana ho an'ny olona ary mandritra izany fotoana izany dia mangataka mba ho maro ireo hanohina ny antso ho misionera: “be ny vokatra, fa ny mpijinja no vitsy. Angataho ary ny Tompom-bokatra mba haniraka mpiasa ho amin'ny sahanany” (Matio 9, 37-38).

Tontosa ity hetsika ity nohon'ny fiaraha-miasan'ny Paroasy miisa dimy teto an-drenivohitra (Pastoraly an-drenivohitra): telo paroasy diosezianina ary ny roa paroasy Montfortana. Izaho no nangatahina hiandraikitra ny fanentanana mandritra ny Fivahinianana Masina: nisy ny fanentanana ny olona hihira sy hivavaka ary koa ny fanomezana azy ireo ny fandinihan-tena fohy mandritra ny Fivahinianana Masina. Mazava ho azy, amin'ny maha-Pretra Montfortana, ny fampianaran'i Père de Montfort no fitaomam-panahy lehibe raha hiresaka momba an'i Maria. Misaotra an'Andriamanitra fa nanandrana nanatanteraka io asa io aho.



Tsy ireo tanora irery ihany no nanatanteraka ity hetsika ity fa ny olona izay manam-pitokisana rehetra: dia ireo ankizy hatramin'ny olon-dehibe mihoatran'ny 60 taona, misy ihany koa ireo vehivavy mitondra vohoka nandray anjara (izay mampahatsiaro antsika an'i Maria namangy an'i Elizabeta rahavaviny). Ho ahy manokana, izy ity no tena fivahinianana Masina na diam-bavaka. Satria ny fitiavana irery ihany sy ny finoana no afaka mitarika ny olona handeha tongotra mandritra ny adin'ny enina be izao na dia teo aza ny toetr'andro ratsy (orana sy hafanana). Ny tena nampisongadina an'ity fitsidihana na fivahinianana Masina dia ny fankalazana ny Eokaristia miaraka.

Mino marina aho fa maivana ny harerahanay satria niara-nankalaza ny Eokaristia izahay, ny Eokaristia izay sakafo mamelombelona ny vatana sy ny Fanahy.

Izay no fifampizarana avy aty aminay misionera Montfortana miasa aty Equateur. Mivavaha ho an'ny tsirairay avy mba ho tonga misionera tsy misy fepetra daholo isika rehetra, ary mba hahay hamaly ny filàn'ny hafa amin'ny fotoana rehetra, mifanaraka amin'ny toromarika omen'i Jesoa Tompo. ■



« Le but est clair : susciter le zèle missionnaire du peuple et demander en même temps le don de vocations des missionnaires »



TOAMASINA, Madagascar - Isaorana lehibe Andriamanitra fa tontosa soa aman-tsara ny fihaonana nataonay Fangavana Montfortana Malagasy (FMM) teto Madagasikara, nanomboka ny Talata 29 Oktobra 2019 hariva ka hatramin'ny 01 Novambra 2019 lasa teo, izay notanterahina tao Salazamay Toamasina.

Teo amin'ny dimampolo isa teo ny mpikambana tonga niatrika io fihaonana io izay notarihan'i Frère François de Sales SMM.

Izany dia nahitana ny solontena avy ao:

- Andraisoro sy Antsobolo ho an'Antananarivo
- Maromamy sy Antongobato ny avy ao Brickaville
- Ny Paroasy Sacré-Cœur Tanambao V sy Md Jean XXIII Andranomadio ary ny avy ao amin'ny Sainte Thérèse ao Salazamay ny avy ao Toamasina.

Vavaka, fampianarana sy famelabelaran-kevitra ary fifampizarana moa no natao tamin'ity fihaonana ity, izay mifantoka indrindra amin'ny aim-panahy lovaintsika avy amin'ny fampianaran'i Père de Montfort, izay fintinin'ireto lohahevitra ireto manao hoe:

FIHAONAN'NY FANGAVANA MONTFORTANA MALAGASY Salazamay, TOAMASINA

**Avy amin'i Fanja – Andraisoro -
Madagascar**

- “Fianakaviana mifankatia, entanin’ny Batemy noraisina sy ny Eokaristia”
- “Ny Fanokanan-tena: inona no mahatonga antsika Lahika malaina miroso amin’ny fanokanan-tena?”
- “Fifampizarana traikefa izay nataon’ny isam-bondrona na ny isam-paritra”

Ny FMM eto Madagasikara moa dia entanina mandrakariva mba ho ny fianakaviana mihitsy no mirotsaka anaty Fikambanana. Izahay eto Andraisoro amin’ny ankapobeny dia efa ahitana an’izay satria ny mpianakavy mihitsy no anaty fikambanana, izay ahitana an’I Dada sy Neny ary ny zanaka, ny mpiray tam-po. Satria ny fianakaviana mihitsy no tokony hiara-hiaina ny aim-panahy Montfortana.

Satria ity fihaonana ity dia nifanindran-dàlana tamin’ny fanomanana ny Voady farany izay nataon’ny Frère Ernesto sy Frère Freda SMM, dia niombona tamin’ny fanomanana ny Litorjia niaraka tamin’ireo olona avy amin’ny Paroasy tao Salazamay izahay ary nandray anjara tamin’ny fihetsika litorjia izay mifanaraka amin’ny kolontsaina aty Madagasikara indrindra aty amin’ny faritra Betsimisaraka.

Nofaranana tamin’ny Raozery Masina moa ny fihaonana sy ny fitsaohana ny Sakramenta Masina izay niarahana tamin’ny fandaharam-potoanan’ny Paroasy tao Salazamay.

Niombom-bavaka tamin’ireo izay nanonona ny Voady farany ny Lahika Montfortana ny Zoma 01 Novambra 2019 ary nanao koranam-pifaliana mialohan’ny tena nisarahana ny tolakandron’io Zoma io ihany. Ary tsy natao ambanin-javatra ny fanaovana ny jery todika hoenti-manatsara ny Fikambanana amin’ny ho avy, izany dia niarahana tamin’I Père Jean Claude sy Frère François ary ny solontenan’ny Lahika Montfortana isam-paritra.

Ireo Frères izay nanao ny Voady farany ireo moa dia nohamasinina ho Diakra ny Alahady 03 Novambra 2019, tao amin’ny Paroasy Md Joany ao Morarano ao Toamasina ihany. Dia ny fihaonan’ny Lahika no nifarana ny Zoma 01 Novambra fa kosa nanana solontena niatrika an’io Fanamasinana io ihany koa ny Lahika Montfortana tamin’io Alahady io.

Nahafinaritra ny fihaonana, nahitana taratra ny fifankatiavana sy ny fifanampiana teo amin’ny samy lahika Montfortana, izay isaorana be dia be ny tompon-tanàna ao Toamasina tamin’ny fikarakarana ny vahiny mpizaika rehetra tonga tao.

Dia mirary soa ho an’ny Mpikambana rehetra, ho tratin’ny taona 2020 daholo indray isika rehetra, ho tafahaona ao Salazamay indray isika amin’ny fihaonan’ny Mpiara-dia eto Madagasikara, izay ahitana ny Amis de Montfort (lahika avy amin’ny Frères du Saint Gabriel), ny Amis de la Sagesse (lahika avy amin-dry Masera filles de la Sagesse) ary izahay AMRC (Lahika avy amin’ny Compagnie de Marie).

Andriamanitra Irery! ■





Poèsie :

MAMA

de Elli-Mac

Mama,
Tenin-jaza
Avy ao am-po
Mitondra
Soa

Mama,
Tenin-pitiavana
mivaoka am-po
Amin'ity andro ity
Moa tsy kiaka iray

Mama,
teny eo am-bava
izay, tampoka teo,
Miakatra, manandraatra
Tsy misy fara

Mama,
teny ambara hatrany,
izay tsy misy fetra
mandeha, mitety
Anio, omaly.

Mama,
teny manome toky,
ny alina mangina,
ireo tomanin-jaza
manoloan'ny toloky
Clament l'ennui.

Mama,
Tsy misy teny
mahalaza anao,
Lasa ako mahatoky
Fihetsem-po tsara koa

Mama,
Teny iraisana
Mama
Teny nofo,
Mama
Teny mandrakizay. ■

VAOVAO AVY ANY AMIN'IREO NAMANTSIKA

« Misaotra tamin'ity gazety Association Marie Reine des Coeurs ity. Efa novakakiko iray manontolo ny gazety tao anatin'ny fankafizana ary malahelo aho fa tsy afaka nanohy ny iraka marialy intsony nohon'ny antony ara-pahasalamana. »

Hubert

« Salama , voaraiko tokoa ny gazety , mankasitraka , saika isan-kariva aho mamaky azy ankafaliana , tena mahaliana ny fizarana trangan-piainana. Inoana fa ny tontolo iainantsika amin'izao izay miharatsy tokoa, ho tonga saina fa fotoana izao hiverenana an-doharano indrindra ny lafiny ara-panahy mba hialana amin'izao herisetra sy tsy firaharahiana ny hafa izao. Mankahery antsika , manana fanantenana ho ny tontolo tsara kokoa »

Camille

« Tao anatin'ny gazety, novakiko fa hay efa misy amin'ny fiteny italianina ihany koa ireo asa soratra i Montfort. Mankasitraka . Tena andiany tsara. ... Tao amin'ny Asa soratr'i Md Louis-Marie Grignon de Montfort, no nahitako izay notadiaviko hatrizay. Ireo hetahetan'ny foko. Mahavariana. Hitako izay Olona tena afaka mitantana ara-panahy ahy. Efa namaky foana ireo asa soratra nosoratany aho, fa ankehitriny kosa, toy ny nahazo ainga vao. Manan-paniriana hamaky ireo asa soratra aho sy hanaraka ireo lalana atolony. Ireo no vaovao avy aty amiko.


Nathalie

« Mankasitraka tamin'ny fandraisana ahy ato amin'ny Fikambanana Marie Reine des Coeurs. Afaka mifampizara aho fa, nandritra ny volana niomanana ho amin'ny fanoloran-tena, betsaka ireo fahasoavana noraisiko. Ny Ray ampanahiko efa nanao fanoloran-tena taona maromaro lasa izay, no nanentana ahy hanao fanoloran-tena amin'ny Jesoa amin'ny alalan'ny tananan'i Maria, araka ny fampianaran'i Md Louis- Marie Grignon de Montfort ...

Ny andro nanaovako fanokanan-tena teo ampanaovana sonia teo amin'ny Otely, tena andro manandanja tamiko ary tena nahatsiaro sambatra aho ...

Nanomboka androany, mino aho fa hitombo isan'andro ao amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Masina Maria Virjiny, ary indrindra koa hitondra an'i Jesoa ho an'ny hafa amin'ny alalan'i Maria ao amin'ny Fanahy Masina. »

Rosario



2020



**Le Verbe était la
vraie Lumière, qui
éclaire tout homme en
venant dans le monde
(Jean 1, 9)**